

### Ahi-dratsy

Rehefa amin'ny fotoana fahavaratra dia mirongatra ny ahi-dratsy ka mety hisy fiantraikany amin'ny vokatra iany raha tsy vita ara-potoana ny fiavana

Mitombo noho izany ny fotoana fiavana



### Fijnjana

Masaka ny varimbazaha eo amin'ny efa-bolana eo ho eo

Jinjaina rehefa maina tsara ny voany (mikarepoka rehefa kaikerina)

Kapohina amin'ny toerana madio

Hamainina ny vokatra raha mbola mandomando.



### Fitahirizana

Apetraka amin'ny toerana maina sy azon-drivotra Raha atao masomboly dia asiana fanafody miaro amin'ny koroka (Antouka) mialoha ny hampirimana azy

Diovina matetika ny trano fitahirizana ary asiana fanafody (Callimal) mba hanamafy ny fiarovana



### Vokatra mety ho

Varimbazaha: 20kg – 50kg isan'ara



Centre de Développement Rural et de Recherche Appliquée  
EPIC régi par le Décret n°2013-743 du 1er Octobre 2013  
NIF : 1000021301 Stat : 72101 12 1974 0 00009  
Tél : (261-20) 44.932 91 – Tél : (261-20) 44 991 39  
E.mail : it.fifamanor@moov.mg ; web : www.fifamanor.com  
B.P 198 – 110 Antsirabe – MADAGASCAR



## TOROLALANA AMIN'NY FAMOKARANA VARIMBAZAHA



### Tombontsoa

Ny varimbazaha (*Triticum aestivum*) dia azo atao:

☺ **Sakafo ho an'ny olombelona**

Sakafo feno, misy ireo singa rehetra ilain'ny vatana: glosida, protida, lipida, sira mineraly.

Ahazoana lafarinina fanaovana mofo sy paty

Azo anaovana karazana sakafo maro



☺ **Sakafom-biby**

Atao vilo-maitso sy ansilazy

Ny voany sy ny apombo atao provandy



☺ **Fampiasana samihafa**

Taozavatra: voninkazo, rary (satroka, harona...)

Menaka tarehy, taovolo...

Famokarana solika biolojika

Lafik'omby, azo atao zezika avy eo.



### Diarim-pambolena

	Des - Jan	Feb	Mar	Apr	May	Jona	Jol	Aog	Sep	Okt	Nov	Des
Tanety	Mamboly				Mijinja							
Tanim-bary					Mamboly							Mijinja
Baibohe*			Mamboly						Mijinja			

\*Miankina amin'ny fidinan'ny rano

## Toe-tany

Faritra avo, mangatsiaka, manana hamandoana antonony sy lonaka (tany volkanika).

Raha eto Vakinankaratra dia ireto toerana ireto no tena mety ambolena varimbazaha :

Karazana tany	Toerana
Tanety (Fahavaratra)	Betafo , Tritriva, Belazao, Alakamisy Anativato, Mandritsara, Faravohitra (Faratsiho), Vinaninony, Ambano, Ambatonikolahy, Antsoso
Baiboho (Fahavaratra)	Ambohimandroso, Ihazolava Atsimo, Ampitatafika
Tanimbary sy Tanety (Main-tany)	Eny amin'ny toerana lonaka sy azon-drano mandritra ny fambolena. Eny amin'ny tanimbary no tena fanaon'ny olona

## Fitsipika fototra

Misafidy tany tsy misolampy

Tany tsy miandron-drano sy tsy be tanimanga

Tany masaka tsara

Mampiasa masomboly voafantina

Karakarana tsara ny fambolena (fiavana, fitondrana urée, fiarovana sy fitsaboana, fiambenana amin'ny biby fiompy...)



## Fanomanana ny tany

## Zezika sy masomboly

## Fambolena

- Asaina sy potehina tsara ny bainga
- Afafy ny zezi-pahitra sy ny dolomita. Atao malemy tsara sy marindrano ny tany hamafazana mba tsy hiangonan'ny rano
- Manamboatra tata-drano manodidina sy anatin'ny hiarovana amin'ny riaka sy ny rano miandrona

- Masomboly : 1,2 – 1,5 kg/ara
- Zezi-pahitra : 200 kg/ara
- Dolomita : 2,5 – 5 kg/ara
- Fanamarihana: Arakaraka ny fahamasahan'ny tany ny fatra entina amin'ny zezi-pahitra sy ny dolomita, raha tena manta ny tany dia mety ho tafakatra avo roa heny izany.
- Boracine : 100 g/ara
- NPK (11 22 16) : 3 kg/ara na DAP 2Kg/ara
- Urée : 1 ,5kg/ara

- Manao soritra mielanelana 20 sm
- Afafy mitovy manaraka ny soritra ny masomboly
- Afafy ny zezika NPK 11 22 16 na DAP sy ny Boracine
- Afafy ny fanafody biby arak'izay fatra voalaza ao anaty taratasim-panafody
- Rakofana ny tany avy eo

## Fikarakarana

Avaina ny voly rehefa misy ahi-dratsy, tsy andrasana ho lehibe vao esorina fa dieny vao maniry

Asiana zezika Urée rehefa misandrahaka (1 volana) ary somary hevoina

Asiana fanafody biby raha misy olim-panjehy na ramerina

Mampiasa poizim-boalavo raha ilaina izany



## Masomboly





Eny amin'ny toerana azo antoka no ividianana ny masomboly

Mila havaozina isaky ny roa taona ny masomboly

Ireo karazana varimbazaha avoakan'ny FIFAMANOR no ampiasaina



## Aretina sy biby fahavalo

Anarana	Famantarana	Fiarovana	Fitsaboana
<b>Arafesina</b> 	Tasy miendrika toy ny vovoka volon-tany na mainty eny amin'ny ravina sy taho. Miseho rehefa mandomando sy mafana  Eo amin'ny fotoana bevohoka sy miteraka no fotoana hitrangan'ny aretina Mahazo vahana kokoa ny aretina avy amin'ny "olatra" rehefa fahavaratra raha ampitahaina amin'ny ririnina ka mila mailo tsara	Fampiasana karazana varimbazaha mahatanty aretina Arahina ny fifandimbiasam-boly	
<b>Ramerina sy olim-panjehy</b> 	Mameno ny ravina sy ny taho ary ny salohy ny bibikely	Alavirina ny voly mety hisintona bibikely toy ny anana, ny laisoa, ny radis	Fanafody biby mandina: -Pyricol 1l/ha -Deltacal 0,2l/ha <b>na ny mitovy sokajy amin'ireo</b>
<b>Fano, sakivy, renibem-pangaraka</b> 	Amin'ny fotoana fitsiriany ka hatramin'ny mitsaha-misandrahaky ny voly no tian'ny fano sy olitra.  Mavo ny voly, tapaka eo amin'ny fotony sy taho	Asiana fanafody biby ny tany ahiana misy azy ireo	Fanafody biby mandady: -Pychlorex 25kg/ha -Furadan 10kg/ha... <b>na ny mitovy sokajy amin'ireo</b>
<b>Koroka, haombary</b> 	Maneno mikasokasoka anaty gony Mamovoka ny varimbazaha ary misy bibikely mivoaka	Raha toa ka tehirizina ela dia asiana fanafody ny masomboly mialoha ny hitahirizana azy.	Fanafody bibikely : -Antouka DP 25kg/100kg -Callimal 4ml/rano 1l/hadiry 100m3 <b>na ny mitovy sokajy amin'ireo</b>